

Fahamarinana tanteraka ara-baiboly

Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako. Jaona 14:6
Miezaha mafy ho amin'ny fahamarinana hatramin'ny fahafatesana, ary Jehovah hiady ho anao. Mpitoriteny 4:28

Boky Dimy Voalohany

Ary hoy izy: Isaorana anie Jehovah, Andriamanitr'i Abrahama tompoko, Izay tsy nanaisotra ny famindram-pony sy ny fahamarinany tamin'ny tompoko; fa raha izaho teny an-dalana dia notantanan'i Jehovah aho ho any an-tranon'ny havan'ny tompoko. Genesisy 24:27

Tsy mendrika na dia kely akory aza aho tamin'ny famindram-po rehetra sy ny fahamarinana rehetra izay nataonao tamiko mpanomponao; fa ny tehiko ihany no nentiko nita ity Jordana ity; nefa ankehitriny efa tonga antoko roa aho. Genesisy 32:10

Iraho ny iray aminareo, ary aoka izy haka ny rahalahinareo, fa ianareo hotazonina ao an-tranomaizina, mba hozahana ny teninareo, na marina na tsia; fa raha tsy izany, raha velona koa Farao, dia mpisafo tokoa ianareo. Genesisy 42:16

Ary koa, mifidiana eo amin'ny olona rehetra izay lehilahy mahay sy matahotra an'Andriamanitra, dia lehilahy marina izay mankahala ny fieremana; ka manendre mpifehy arivo sy mpifehy zato sy mpifehy dimam-polo ary mpifehy folo hifehy azy. Eksodosy 18:21

Ary Jehovah nandalo teo anatrehany ka niantso hoe: Jehovah, Jehovah Andriamanitra, mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana, Eksodosy 34:6

dia diniho sy fantaro tsara ary anontanio tsara; ary raha indro fa marina tokoa izany zavatra izany, ka natao teo aminao izany fahavetavetana izany, Deoteronomia 13:14

Izy no Vatolampy, tanteraka ny asany; fa ny lalany rehetra dia amin'ny rariny avokoa; Andriamanitry ny fahamarinana Izy, ka tsy misy ratsy ao aminy; marina sy mahitsy Izy. Deoteronomia 32:4

FIAINANY TALOHA

Koa ankehitriny, matahora an'i Jehovah, ka manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana; ary ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony sy tany Egypta; ka manompoa an'i Jehovah. Josoa 24:14

Fa hoy ny tsilo tamin'ny hazo: Raha hohosoranareo ho mpanjakanareo tokoa aho, dia avia ianareo ka mialofa ato amin'ny alokaloko; fa raha tsy izany, aoka hisy afo hivoaka avy amin'ny tsilo ka handevona ny sederan'i Libanona. Mpitsara 9:15

Kanefa matahora an'i Jehovah ianareo, ary manompoa Azy marina amin'ny fonareo rehetra; fa eritrereto izao zavatra lehibe nataony ho anareo izao. 1 Samoela 12:24

Ary Davida namaly ny mpisorona ka nanao taminy hoe: Eny tokoa, hatramin'ny telo andro izay no tsy niarahan'ny vehivavy tamiko; ary masina ny fanaky ny zatovo, ary masina koa ny mofo, na dia nohamasinina androany tao amin'ny fanaka aza. 1 Samoela 21:5

Koa ankehitriny, haneho famindram-po sy fahamarinana aminareo anie Jehovah, sady Izaho koa efa hamaly soa anareo noho ny nanaovanareo izany zavatra izany. 2 Samoela 2:6

Fa vao omaly ianao no tonga, ka anio va dia ho entiko miara-mandeha aminay ianao? Fa mandeha any amin'izay tiako haleha aho, koa miverena ihany ianao, ary ento mody koa ny rahalahinao; ho aminao anie ny famindram-po sy ny fahamarinana. 2 Samoela 15:20

Mba hanatanterahan'i Jehovah ny teny izay nolazainy tamiko hoe: Raha ny taranakao hitandrina ny lalany ka handeha eo anatrehako amin'ny fahamarinana amin'ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra, dia tsy ho diso zanakalahy eo amin'ny seza fiandrianan'ny Isiraely ianao, hoy Izy. 1 Mpanjaka 2:4

Dia hoy Solomona: Efa naneho fahasoavana lehibe tamin'i Davida raiko mpanomponao Hianao, araka ny nandehanany teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy ny fahamarinana ary ny fahitsian'ny fony taminao; ary efa nitahiry izany fahasoavana lehibe izany ho azy Hianao, dia ny nanomezanao azy zanakalahy hipetraka eo amin'ny seza fiandrianany tahaka ny amin'izao anio izao. 1 Mpanjaka 3:6

Ary hoy ravehivavy tamin'i Elia: Ankehitriny izao dia fantatro fa lehilahin'Andriamanitra tokoa ianao, ary marina ny tenin'i Jehovah aloaky ny vavanao. 1 Mpanjaka 17:24

Jehovah ô, marina tokoa fa ireo mpanjakan'i Asyria dia efa nandrava ny jentilisa sy ny taniny, 2 Mpanjaka 19:17

Jehovah ô, mifona aminao aho, tsarovy ny nandehanako teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao. Dia nitomany mafy dia mafy i Hezekia. 2 Mpanjaka 20:3

Dia hoy Hezekia tamin'i Isaia: Tsara ny tenin'i Jehovah izay nolazainao. Ary hoy izy: Tsy tsara va raha misy fiadanana sy fahamarinana amin'ny androko? 2 Mpanjaka 20:19

Ary hoy ny mpanjaka taminy: Impiry no hampianianako anao mba tsy hilaza na inona na inona amiko amin'ny anaran'i Jehovah afa-tsy ny marina ihany? 2 Tantara 18:15

Ary toy izany no nataon'i Hezekia eran'i Joda rehetra; ary nanao izay tsara sy mahitsy ary marina teo anatrehan'i Jehovah Andriamaniny izy. 2 Tantara 31:20

Ary nampitondra taratasy ho any amin'ny Jiosy rehetra izy, dia ho any amin'ny faritany fito amby roapolo amby zato amin'ny fanjakan'i Ahasoerosy, nitondra teny fiadanana sy fahamarinana, Estera 9:30

Tononkalo

Fantatro marina tokoa izany; fa aiza no hahamarina ny olombelona eo anatrehan'Andriamanitra? Joba 9:2

Izay mandeha mahitsy ary manao ny marina sady misaintsaina ny marina ao am-pony. Salamo 15:2

Tariho amin'ny fahamarinanao aho, ary ampianaro; fa Hianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; Hianao no andrasako mandritra ny andro. Ny lalan'i Jehovah rehetra dia famindram-po sy fahamarinana amin'izay mitandrina ny fanekeny sy ny teni-vavolombelony. Salamo 25: 5,10

Fa ny famindram-ponao no eo anoloan'ny masoko; ary mandeha amin'ny fahamarinanao aho. Salamo 26:3

Inona no soa azo amin'ny rako, raha midina any an-davaka aho? Hidera Anao va ny vovoka? Hanambara ny fahamarinanao va izany? Salamo 30:9

Eo an-tananao no atolotro ny fanahiko; efa nanavotra ahy Hianao, Jehovah ô, Andriamanitry ny fahamarinana. Salamo 31:5

Fa mahitsy ny tenin'i Jehovah; ary ny asany rehetra dia amin'ny fahamarinana avokoa. Salamo 33:4

Tsy mba nafeniko tao am-poko ny fahamarinanao; ny fahamarinanao sy ny famonjenao no efa nolazaiko; tsy mba nafeniko tamin'ny fiangonana lehibe ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao. Aza miaro ny famindram-ponao amiko, Jehovah ô; aoka ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao hiaro ahy mandrakariva. Salamo 40: 10-11

Alefaso ny fahazavanao sy ny fahamarinanao; aoka hitarika ahy ireo ka hitondra ahy ho any an-tendrombohitrao masina sy ho any amin'ny tabernakelinao. Salamo 43:3

Ary mitaingena soa aman-tsara amin'ny voninahitrao, noho ny teny marina sy ny fahalemem-panahy ary ny fahamarinana; ary ny tananao ankavanana hampianatra anao zavatra mahatsiravina. Salamo 45:4

Indro, fahamarinana ao am-po no sitrakao; ary fahendrena ao amin'ny miafina no ampahafantarinao ahy. Salamo 51:6

Hamaly ny ratsy ataon'ny fahavaloko Izy; aringano amin'ny fahamarinanao izy. Salamo 54:5

Haniraka avy any an-danitra Izy ka hamonjy ahy amin'ny latsa ataon'izay mitady handany ahy. Sela. Andriamanitra haniraka ny famindram-pony sy ny fahamarinany. Fa lehibe ny famindram-ponao mihatra amin'ny lanitra, ary mihatra amin'ny rahona ny fahamarinanao. Salamo 57: 3,10

Efa nanome faneva ho an'izay matahotra Anao Hianao, mba hatsangana noho ny fahamarinana. Salamo 60:4

Aoka hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra mandrakizay izy; famindram-po sy fahamarinana no hamboarinao hiaro azy. Salamo 61:7

Fa izaho kosa, ny fivavako dia aminao amin'ny andro fankasitrahana, Jehovah ô, dia amin'ny andro fankasitrahana; Andriamanitra ô, noho ny haben'ny famindram-ponao dia valio aho araka ny fahamarinan'ny famonjenao. Salamo 69:13

Hidera Anao amin'ny lokanga aho, dia ny fahamarinanao, Andriamanitro ô; hankalaza Anao amin'ny lokanga aho, ry Iray Masin'ny Isiraely ô. Salamo 71:22

Mihaona ny famindram-po sy ny fahamarinana; Mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana. Ny fahamarinana mitsimoka amin'ny tany; Ary ny rariny mitsinjo avy any an-danitra. Salamo 85: 10-11

Ampianaro ahy ny lalanao, Jehovah ô, dia handeha amin'ny fahamarinanao aho; ampiraiso ny foko hatahotra ny anaranao. Fa Hianao, Tompo ô, dia Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po sy fahamarinana. Salamo 86 :11,15

Rariny sy fitsarana no fanorenan'ny seza fiandriananao; famindram-po sy fahamarinana no mialoha ny tavanao. Tompo ô, aiza ny famindram-ponao fahiny, Izay nianiananao tamin'i Davida tamin'ny fahamarinanao? Salamo 89: 14,49

Ny volon'elany no hanaronany anao, ary ao ambanin'ny elany no hialofanao; ny fahamarinany no ho ampinga sy ampinga lehibe ho anao. Salamo 91:4

Eo anatrehan'i Jehovah, fa avy Izy, eny, avy hitsara ny tany Izy; Hitsara izao rehetra izao amin'ny fahamarinana Izy Ary ny firenena amin'ny fahamarinany. Salamo 96:13

Efa nahatsiaro ny famindram-pony sy ny fahamarinany tamin'ny taranak'Isiraely Izy; efa nahita ny famonjen'Andriamanitsika ny faran'ny tany rehetra. Salamo 98:3

Fa tsara Jehovah; mandrakizay ny famindram-pony, ary mihatra amin'ny taranaka fara mandimby ny fahamarinany. Salamo 100:5

Fa lehibe mihoatra ny lanitra ny famindram-ponao; ary mipaka amin'ny rahona ny fahamarinanao. Salamo 108:4

Mitoetra mafy mandrakizay doria ireny, Ary natao tamin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana. Salamo 111:8

Jehovah ô, aza izahay, aza izahay no omeo voninahitra, fa ny anaranao ihany, noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao. Salamo 115:1

Fa lehibe ny famindram-pony amintsika; ary mandrakizay ny fahamarinan'i Jehovah. Miderà an'i Jehovah. Salamo 117:2

Efa nifidy ny lalan'ny fahamarinana aho; Ny fitsipikao no napetrako teo anatrehako. Ary aza esorina amin'ny vavako ny tenin'ny fahamarinana; Fa ny fitsaranao no andrasako. Ny fahamarinanao dia fahamarinana mandrakizay, ary ny lalànao no fahamarinana. Akaiky Hianao, Jehovah ô; Ary marina ny didinao rehetra. Salamo 119:30 , 43, 142, 151

Jehovah efa nianiana tamin'i Davida tamin'ny fahamarinana ka tsy hivadika amin'izany Izy; Ny ateraky ny kibonao no hapetrako eo ambonin'ny seza fiandriananao. Salamo 132:11

Hivavaka manandrify ny tempolinao masina aho ka hidera ny anaranao noho ny famindram-ponao sy ny fahamarinanao; fa efa nankalaza ny teninao Hianao mihoatra noho ny anaranao rehetra. Salamo 138:2

Akaikin'izay rehetra miantso Azy Jehovah, Dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa. Salamo 145:18

Izay nanao ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao anatiny, Izay mitandrina fahamarinana mandrakizay, Salamo 146:6

Aoka tsy handao anao ny famindram-po sy ny fahamarinana; afehezo eo am-bodinao izany, ary soraty ao amin'ny fonao tahaka ny amin'ny vato fisaka, Ohabolana 3:3

Fa ny marina ihany no holazain'ny vavako; Ary ny ratsy dia fahavetavetana amin'ny molotro. Ohabolana 8:7

Izay miteny ny marina dia manambara ny rariny; Fa ny vavolombelona mandainga kosa miteny fitaka. Ny molotra marina ampitoerina mandrakizay; Fa ny lela mandainga dia indray mipi-maso monja. Ohabolana 12 :17,19

Tsy diso lalana va izay misaina ny ratsy? Fa famindram-po sy fahamarinana no ho an'izay misaina ny tsara. Ohabolana 14:22

Ny famindram-po sy ny fahamarinana no anavotana ny heloka; Ary ny fahatahorana an'i Jehovah no analavirana ny ratsy. Ohabolana 16:6

Famindram-po sy fahamarinana no miaro ny mpanjaka; Ary ny seza fiandrianany dia ampitoeriny amin'ny famindram-po. Ohabolana 20:28

Mba hampahafantariko anao ny fahamarinan'ny teny marina, Sy hahazoanao valiny amin'izay naniraka anao? Ohabolana 22:21

Vidio ny marina, ka aza amidy, Dia ny fahendrena sy ny fananarana ary ny fahazavan-tsaina. Ohabolana 23:23

Mpitoriteny nitady hahita teny mahafinaritra; ary izay voasoratra dia mahitsy, dia tenin'ny fahamarinana. Mpitoriteny 12:10

FAMINANIANA

Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro, teo anatrehako: Marina tokoa fa ho foana ny trano maro, eny, na dia izay lehibe sady tsara tarehy aza dia tsy hisy mponina. Isaia 5:9

Ary amin'izany andro izany ny sisa amin'ny Isiraely, na izay afa-nandositra amin'ny taranak'i Jakoba, dia tsy hiankina amin'izay namely azy intsony; fa Jehovah, Iray Masin'ny Isiraely, ihany no hiankinany marina tokoa. Isaia 10:20

Ary hampitoerina amin'ny famindram-po ny seza fiandrianana, ka hipetraka eo aminy amin'ny fahamarinana ao an-dain'i Davida Izy, hitsara sy handinika izay rariny sady ho mailo ka hampihatra ny rariny. Isaia 16:5

Jehovah ô, Andriamanitro Hianao; Hanandratra Anao sy hidera ny anaranao aho; fa efa nanao zava-mahagaga Hianao; ny zavatra efa nokasainao hatramin'ny taloha dia fahamarinana sy fahamarinana. Isaia 25:1

Sokafy ny vavahady, mba hidiran'ny firenena marina izay mitana ny fahamarinana. Isaia 26:2

Jehovah ô, marina tokoa fa ireo mpanjakan'i Asyria dia efa nandrava ny firenena rehetra sy ny taniny, Isaia 37:18

ary nanao hoe: Jehovah ô, mifona aminao aho, tsarovy ny nandehanako teo anatrehanao tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny foko rehetra ary ny nanaovako izay tsara eo imasonao. Dia nitomany mafy dia mafy Hezekia. Fa ny fiainan-tsi-hita tsy mba mahasaotra Anao, ary ny fahafatesana tsy mba mankalaza Anao; Fa izay midina any an-davaka dia tsy mahazo manantena ny fahamarinanao. Ny velona dia ny velona ihany no hidera Anao, tahaka izao ataoko anio izao; Ny ray hampahafantatra ny zanany ny fahamarinanao. Isaia 38:3 , 18-19

Dia hoy Hezekia tamin'Isaia: Tsara ny tenin'i Jehovah izay nolazainao. Ary hoy koa izy: Fa hisy fiadanana sy fahamarinana amin'ny androko. Isaia 39:8

Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona; Hamoaka ny rariny araka ny fahamarinana Izy. Isaia 42:3

Aoka hiangona ny firenena rehetra, ary aoka hiangona ny vahoaka; iza amin'izy ireo no mahalaza izany sy manambara amintsika ny zavatra taloha? Aoka hoentiny ny vavolombelony mba hohamarinina; ary aoka hihaino izy ireo ka hanao hoe: Marina izany. Isaia 43:9

Mihainoa izao, ry taranak'i Jakoba, dia ianareo izay antsoina amin'ny anaran'Isiraely sy avy amin'ny loharanon'i Joda, dia ianareo izay mianiana amin'ny anaran'i Jehovah ary mankalaza ny anaran'Andriamanitry ny Isiraely, nefa tsy araka ny marina na araka ny hitsiny. Isaia 48:1

Tsy misy mitory fahamarinana, ary tsy misy mandahatra ny fahamarinana; matoky ny tsy marina sy miteny lainga izy; Torontoronina fampahoriana izy ka miteraka heloka. Ary nahemotra ny rariny, ary mijanona eny lavitra eny ny hitsiny; fa lavo eny an-kalalahana ny fahamarinana, ary tsy mahazo miditra ny hitsiny. Eny, tsy eo ny fahamarinana; ary izay miala amin'ny ratsy dia mety ho babon'ny sasany. Ary hitan'i Jehovah ny tsy fisian'ny rariny, ka nataony fa ratsy izany. Isaia 59:4 , 14-15

Fa Izaho Jehovah dia tia rariny, ary halako ny fandrobana amin'ny fanatitra dorana; ary homeko rariny araka ny fahamarinana ny asany, ary hanao fanekena mandrakizay aminy Aho. Isaia 61:8

Izay mitso-drano tena etỳ ambonin'ny tany dia hitso-drano tena amin'ny anaran'Andriamanitry ny fahamarinana; ary izay mianiana etỳ ambonin'ny tany dia hianiana amin'ny anaran'Andriamanitry ny fahamarinana, satria efa hadino ny fahoriana taloha, sady voafina amin'ny masoko izany. Isaia 65:16

Ary hianiana ianao hoe: Velona Jehovah amin'ny fahamarinana sy ny fitsarana ary ny fahamarinana; dia Izy no holazain'ny firenena ho fitahiana ary Izy no ho reharehany. Jeremia 4:2

Miveziveze eny an-dalamben'i Jerosalema ianareo, ka jereo sy fantaro ary tadiavo eny an-kalalahana, raha mba mahita olona ianareo, izay manao ny rariny sy mitady ny fahamarinana, dia havelako ny heloky ny olona. Jehovah ô, tsy mijery ny marina va ny masonao? Efa namely azy Hianao, nefa tsy

nalahelo izy; Efa nandringana azy Hianao, nefa tsy nety nandray fananarana izy; Efa nohamafisiny mihoatra noho ny vatolampy ny tarehiny, Tsy nety niverina izy. Jeremia 5: 1,3

Koa lazao aminy hoe: Ity no firenena izay tsy mihaino ny feon'i Jehovah Andriamaniny sady tsy mino anatra; Very ny fahamarinana, ary voafafa tamin'ny vavany izany. Jeremia 7:28

Ary manenjana ny lelany toy ny tsipìkany izy mba handainga; nefa tsy mahery fo noho ny marina etỳ ambonin'ny tany izy; fa mandroso avy amin'ny ratsy ka hatramin'ny ratsy izy, ary Izaho tsy mba fantany, hoy Jehovah. Ary samy mamitaka ny namany avy izy rehetra, ka tsy miteny marina; efa mampianatra ny lelany handainga izy sady manasatra ny tenany amin'ny fanaovana ratsy. Jeremia 9: 3,5

Kanefa aoka ho fantatrareo marimarina fa raha mamono ahy ianareo, dia hahatonga rà marina aminareo sy amin'ity tanàna ity ary amin'ny mponina eto ianareo; fa Jehovah tokoa no naniraka ahy ho aminareo hilaza ireo teny rehetra ireo eo anatrehanareo. Jeremia 26:15

Indro, ho entiko ho azy ny fahasalamana sy ny fanasitranana, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny haren'ny fiadanana sy ny fahamarinana. Jeremia 33:6

Ny mpanjaka namaly an'i Daniela ka nanao hoe: Marina tokoa fa Andriamanitrareo dia Andriamanitry ny andriamanitra sy Tompon'ny mpanjaka ary Mpampiseho zava-miafina, satria ianao no nahay nampiseho izany zava-miafina izany. Daniela 2:47

Koa ankehitriny, izaho Nebokadnezara midera sy manandratra ary mankalaza ny Mpanjakan'ny lanitra; marina avokoa ny asany rehetra, ary ara-drariny ny lalany; ary izay mandeha amin'ny avonavona dia hainy aetry. Daniela 4:37

Dia nanakaiky ny iray tamin'izay nijoro teo aho ka nanontany azy ny marina momba izany rehetra izany. Dia nambarany tamiko ka nampahafantariny ahy ny heviny. Dia naniry hahafantatra izay marina ny amin'ny biby fahefatra aho, izay hafa noho izy rehetra sady mahatsiravina indrindra, izay nanana nify vy sy hoho varahina sady nihinana sy nanorotoro ary ny sisa tsy laniny dia nohosihoseny tamin'ny tongony; Daniela 7:16 , 19

Ary nisy maro be natolotra azy mbamin'ny fanatitra isan'andro noho ny fahadisoana, dia nazerany ho amin'ny tany ny fahamarinana; ary niasa izy sady nambinina. Daniela 8:12

Araka ny voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy no nahatongavan'izao loza rehetra izao taminay; nefa tsy mba nifona teo anatrehan'i Jehovah Andriamanitray izahay mba hialanay amin'ny helokay sy hahafantaranay ny fahamarinanao. Daniela 9:13

Fa hambarako aminao izay voasoratra ao amin'ny soratra marina; ary tsy misy miara-miasa amiko amin'izany, afa-tsy Mikaela andriananareo. Daniela 10:21

Ary ankehitriny dia hambarako aminao ny marina. Indro, hisy mpanjaka telo hafa hitsangana any Persia; ary ny fahefatra hanan-karena be noho izy rehetra; ary amin'ny heriny noho ny hareny dia hamporisika ny rehetra hamely ny fanjakan'i Grisia izy. Daniela 11:2

Mihainoa ny tenin'i Jehovah, ry Zanak'Isiraely! Fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin'ny tany, satria tsy misy fahamarinana, na famindram-po, na fahalalana an'Andriamanitra eo amin'ny tany. Hosea 4:1

Hanefa fahamarinana ho an'i Jakoba Hianao Sy famindram-po ho an'i Abrahama, Dia izay nianiananao tamin'ny razanay hatramin'ny andro taloha ela. Mika 7:20

Izao no lazain'i Jehovah: Efa tafaverina ho eto Ziona Aho ka honina eo afovoan'i Jerosalema; ary Jerosalema dia hatao hoe Tanànan'ny fahamarinana, ary ny tendrombohitr'i Jehovah, Tompon'ny maro, dia hatao hoe tendrombohitra masina. Ary hitondra azy Aho, ka honina ao afovoan'i Jerosalema izy; ary ho oloko izy, ary Izaho ho Andriamaniny amin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana. Izao no zavatra hataonareo: Samia miteny marina amin'ny namany avy ianareo; mitsarà marina sy mitsarà marina ao am-bavahadinareo; Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Ny fifadian-kanina amin'ny volana fahefatra sy ny fifadian-kanina amin'ny fahadimy sy ny fifadian-kanina amin'ny fahafito ary ny fifadian-kanina amin'ny fahafolo dia ho tonga fifaliana sy firavoravoana ary fety mahafinaritra ho an'ny taranak'i Joda; koa tiavo ny fahamarinana sy ny fiadanana. Zakaria 8:3 , 8 , 16, 19

Ny lalàn'ny fahamarinana no teo am-bavany, ary tsy mba nisy heloka teo amin'ny molony; niara-nandeha tamiko tamin'ny fiadanana sy ny fahitsiana izy, ary maro no nampialainy tamin'ny heloka. Malakia 2:6

Filazantsara sy Asan'ny Apostoly

Ary izay tao an-tsambokely dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Zanak'Andriamanitra marina tokoa Hianao. Matio 14:33

Fa hoy ravehivavy: Marina izany, Tompoko; kanefa ny amboakely aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony ihany. Matio 15:27

Dia naniraka ny mpianany mbamin'ny Herodiana hankeo aminy izy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, fantatray fa marina Hianao ka mampianatra ny lalan'Andriamanitra araka ny marina ary tsy manahy olona Hianao, satria tsy mba mizaha tavan'olona. Matio 22:16

Fa raiki-tahotra sady nangovitra ravehivavy, satria fantany izay natao taminy, ka dia nanatona azy izy ka niankohoka teo anatrehany ary nilaza taminy ny marina rehetra. Marka 5:33

Ary rehefa tonga izy ireo dia nanao taminy hoe: Mpampianatra ô, fantatray fa marina Hianao ka tsy mampaninona Anao ny olona, fa tsy mba mizaha tavan'olona Hianao, fa mampianatra marina ny lalan'Andriamanitra. Mety va ny mandoa hetra ho an'i Kaisara, sa tsia? Marka 12:14

Ary hoy ilay mpanora-dalàna taminy: Marina izany, Tompoko; marina ny voalazanao; fa iray ihany Andriamanitra, ary tsy misy hafa afa-tsy Izy. Marka 12:32

Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Maro no mpitondratena teo amin'ny Isiraely tamin'ny andron'i Elia, raha nikatona ny lanitra telo taona sy enim-bolana, ka nisy mosary mafy tamin'ny tany rehetra; Lioka 4:25

Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny fanjakan'Andriamanitra. Lioka 9:27

Lazaiko aminareo marina tokoa fa hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy. Lioka 12:44

Dia hoy Izy: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra. Lioka 21:3

Ary rehefa afaka tokony ho adiny iray, dia nisy iray koa nitompo teny ka nanao hoe: Ilehio koa nomba Azy marina tokoa, fa Galiliana izy. Lioka 22:59

Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo amintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana. Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy; fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Jaona 1:14 , 17

Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany. Jaona 3:21

Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana. Jaona 4: 23-24

Hianareo naniraka tany amin'i Jaona, ary izy nanambara ny marina. Jaona 5:33

Ary hoy ireo olona ireo, rehefa nahita ny fahagagana nataon'i Jesosy: Ity tokoa no Ilay Mpaminany Izay ho tonga amin'izao tontolo izao. Jaona 6:14

Koa maro tamin'ny vahoaka, raha nandre izany teny izany, no nanao hoe: Ity tokoa no Ilay Mpaminany. Jaona 7:40

Ary ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo. Fa ankehitriny ianareo mitady hamono Ahy, Izay Lehilahy nilaza ny marina taminareo, dia izay efa reko tamin'Andriamanitra; tsy mba nanao izany Abrahama. Avy tamin'ny devoly rainareo ianareo, ary izay filan'ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny voalohany, ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga. Ary satria milaza ny marina aminareo Aho, dia tsy mino Ahy ianareo. Iza aminareo no mampiaiky Ahy ny amin'ny fahotana? Ary raha ny marina no lazaiko, nahoana ianareo no tsy mino Ahy? Jaona 8:32 , 40, 44-46

Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako. Jaona 14:6

dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao raisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo. Jaona 14:17

Fa raha tonga ny Mpananatra, Izay hirahiko ho aminareo avy amin'ny Ray, dia ny Fanahin'ny fahamarinana Izay mivoaka avy amin'ny Ray, dia Izy no ho vavolombelona hanambara Ahy. Jaona 15:26

Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy miala Aho, dia tsy ho avy aminareo ny Mpananatra; fa raha miala Aho, dia hirahiko ho aminareo Izy. Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho

Azy Izy, fa izay rehetra ho reny no holazainy; ary ny zavatra ho avy no hambarany aminareo. Jaona 16:7 , 13

Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana. Ary ho azy ireo no anamasinako ny tenako, mba hanamasinana azy ireo amin'ny fahamarinana koa. Jaona 17:17 , 19

Dia hoy Pilato taminy: Mpanjaka va àry Hianao? Jesosy namaly hoe: Voalazanao fa mpanjaka Aho. Izao no nahaterahako, ary izao no nihaviako amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina. Izay rehetra avy amin'ny marina dia mihaino ny feoko. Hoy Pilato taminy: Inona no marina? Ary rehefa nilaza izany izy, dia nivoaka nankeo amin'ny Jiosy indray ka nanao taminy hoe: Tsy hitako izay helony na dia kely akory aza. Jaona 18: 37-38

Fa efa niangona marina tokoa Heroda sy Pontio Pilato mbamin'ny jentilisa sy ny olona Isiraely hanohitra ny Mpanomponao Masina, dia Jesosy Izay nohosoranao, Asan'ny Apostoly 4:27

Dia niloa-bava Petera ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra; Asan'ny Apostoly 10:34

Fa hoy izy: Tsy very saina aho, ry Festosy tsara indrindra, fa miteny tenin'ny fahamarinana sy ny fahononana. Asan'ny Apostoly 26:25

Ireo taratasy nosoratana ao

Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny faharatsiana rehetra sy ny tsi-fahamarinan'ny olona izay misakana ny fahamarinana amin'ny tsi-fahamarinana, Izay nanova ny fahamarinan'Andriamanitra ho lainga, ary ny zavatra noforonina no notompoiny sy notompoiny mihoatra noho ny Mpamorona, Izay isaorana mandrakizay. Amena. Romana 1:18 , 25

Fa fantatsika fa ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny marina amin'izay manao izany zavatra izany. fa ho an'izay tia ady kosa sady tsy manaraka ny marina, fa manaraka ny tsy marina, dia fahavinirana sy fahatezerana, Romana 2: 2,8

Mpanabe ny adala, mpampianatra ny bodo, izay manana ny endriky ny fahalalana sy ny fahamarinana ao amin'ny lalàna. Romana 2:20

Fa raha ny fahamarinan'Andriamanitra no nitombo tamin'ny laingako ho voninahiny, nahoana aho no mbola tsaraina ho mpanota ihany? Romana 3:7

Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, fa tsy mandainga, ary ny fieritreretako koa no vavolombelona amiko ao amin'ny Fanahy Masina, Romana 9:1

Fa lazaiko fa Kristy Jesosy dia mpanompon'ny voafora noho ny fahamarinan'Andriamanitra, mba hahatanteraka ny teny fikasana tamin'ny razana, Romana 15:8

Koa aoka isika hanao ny andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira tranainy, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin'ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana. 1 Korintiana 5:8

tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa mifaly amin'ny fahamarinana kosa, 1 Korintiana 13:6

Ary toy izany no anehoana ny zavatra miafina ao am-pony, dia hiankohoka izy ka hivavaka amin'Andriamanitra sady hilaza fa Andriamanitra dia ao aminareo marina tokoa. 1 Korintiana 14:25

Fa efa nolavinay ny zavatra miafina momba ny fihatsarambelatsihy, ka tsy mandeha amin'ny fihendrena izahay, na manamavo ny tenin'Andriamanitra; fa amin'ny fanehoana ny marina no ideranay tena amin'ny fieritreretan'ny olona rehetra eo imason'Andriamanitra. 2 Korintiana 4:2

Amin'ny tenin'ny fahamarinana, amin'ny herin'Andriamanitra, amin'ny fiadian'ny fahamarinana, na amin'ny ankavanana na amin'ny ankavia, 2 Korintiana 6:7

Fa raha nisy zavatra nireharehako taminy ny aminareo, dia tsy mahamenatra ahy izany; fa tahaka ny nilazanay marina taminareo ny zavatra rehetra, dia toy izany koa no mahamarina ny fireharehanay tamin'i Titosy. 2 Korintiana 7:14

Raha ato anatiko ny fahamarinan'i Kristy, dia tsy hisy hahasakana ahy tsy hirehareha amin'izany any amin'ny tany Akaia. 2 Korintiana 11:10

Fa na dia te-hirehareha aza aho, dia tsy ho adala; fa ny marina no holazaiko; fa ankehitriny dia tsy hanao izany aho, fandrao misy olona mihevitra ahy mihoatra noho izay hitany amiko na izay andrenesany amiko. 2 Korintiana 12:6

Fa tsy mahay manao na inona na inona manohitra ny marina izahay, fa ny marina ihany. 2 Korintiana 13:8

Tsy nanaiky ho resin'ireo izahay na dia ora iray monja aza, mba hitoeran'ny fahamarinan'ny filazantsara aminareo. Galatiana 2:5

Fa rehefa hitako fa tsy nandeha mahitsy araka ny fahamarinan'ny filazantsara izy ireo, dia hoy aho tamin'i Petera teo anatrehan'ny rehetra: Raha ianao izay Jiosy aza dia manao tahaka ny fanaon'ny jentilisa, fa tsy tahaka ny fanaon'ny Jiosy, nahoana ianao no manery ny jentilisa hanao tahaka ny fanaon'ny Jiosy? Galatiana 2:14

Ry Galatiana adala, iza no nanimba anareo, nefa teo imasonareo indrindra no nanehoana miharihary an'i Jesosy Kristy voahombo tamin'ny hazo fijaliana? Galatiana 3:1

Koa efa tonga fahavalonareo va aho, satria milaza ny marina aminareo? Galatiana 4:16

Nihazakazaka tsara ianareo; iza no nisakana anareo tsy hanaiky ny marina? Galatiana 5:7

Ao aminy koa no ninoanareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsaran'ny famonjena anareo, eny, ao aminy koa no nanisiana tombo-kase anareo tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana, Efesiana 1:13

fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy; Raha Izy tokoa no efa renareo ka tao aminy no nampianarana anareo, araka ny fahamarinana ao amin'i Jesosy, Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amin'ny namany avy ianareo rehetra; fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika. Efesiana 4:15 , 21, 25

(Fa ny vokatry ny Fanahy dia ao amin'ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahamarinana). Efesiana 5:9

Koa miorena tsara, sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, Efesiana 6:14

Ahoana àry? Na ahoana na ahoana, na amin'ny fihatsarambelatsihy, na amin'ny marina, dia Kristy no torina, ary mifaly amin'izany aho, eny, mbola hifaly ihany aho. Filipiana 1:18

Noho ny fanantenana izay tehirizina any an-danitra ho anareo, dia ilay efa renareo fahiny tamin'ny tenin'ny fahamarinan'ny filazantsara, Izay efa tonga aminareo, tahaka ny eny amin'izao tontolo izao, sady mamokatra vokatra tahaka ny eo aminareo koa hatramin'ny andro nandrenesanareo sy nahalalanareo tsara ny fahasoavan'Andriamanitra araka ny marina; Kolosiana 1: 5-6

Ary noho izany dia tsy mitsahatra misaotra an'Andriamanitra izahay, satria rehefa nandray ny tenin'Andriamanitra izay efa renareo taminay ianareo, dia tsy noraisinareo ho tenin'olona izany, fa araka ny marina, dia ny tenin'Andriamanitra, izay miasa ao anatinareo izay mino koa. 1 Tesaloniana 2:13

Ary ny famitahana momba ny tsi-fahamarinana amin'izay ho very, satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy ireo . Mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina, fa nankasitraka ny tsi-fahamarinana. Fa izahay tsy maintsy misaotra an'Andriamanitra mandrakariva ny aminareo, ry rahalahy malalan'ny Tompo, satria Andriamanitra efa nifidy anareo hatramin'ny voalohany hahazo famonjena amin'ny fanamasinan'ny Fanahy sy ny finoana ny marina, 2 Tesaloniana 2:10 , 12-13

Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina. Mba ho amin'izany no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly (milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, fa tsy mandainga), ho mpampianatra ny jentilisa amin'ny finoana sy ny fahamarinana. 1 Timoty 2:4 , 7

Fa raha tara aho, dia ny hahafantaranao izay fitondran-tena tokony hataonao ao an-tranon'Andriamanitra, dia ny fiangonan'Andriamanitra velona, sady andry sy fiorenan'ny fahamarinana. 1 Timoty 3:15

izay mandrara tsy hanambady, ary mampifady hanina, izay nataon'Andriamanitra ho an'izay mino sady mahalala ny marina, mba horaisiny amin'ny fisaorana. 1 Timoty 4:3

fifandirana ratsy, fanaon'ny olona maloto saina sady efa nialan'ny fahamarinana, izay mihevitra fa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra no hahazoam-bola. 1 Timoty 6:5

Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana. 2 Timoty 2:15

izay nania tamin'ny marina ka milaza fa efa lasa sahady ny fitsanganan'ny maty, ary mamadika ny finoan'ny sasany. 2 Timoty 2:18

mananatra ny mpanohitra amin'ny fahamoram-panahy; fa angamba Andriamanitra hanome azy fibebahana hahalalany tsara ny marina, 2 Timoty 2:25

Mianatra mandrakariva, nefa tsy mahatratra ny fahalalana ny marina. Ary tahaka ny nanoheran'i Jannes sy Jambra an'i Mosesy no anoheran'ireo koa ny fahamarinana, dia olona maloto saina sady tsy manam-pinoana marina. 2 Timoty 3: 7-8

Ary hampiala ny sofiny amin'ny marina izy ka hivily ho amin'ny anganongano. 2 Timoty 4:4

Paoly, mpanompon'Andriamanitra sady Apostolin'i Jesosy Kristy araka ny finoan'ny olom-boafidin'Andriamanitra sy ny fanekena ny marina izay mifanaraka amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, tsy mihaino anganonganon'ny Jiosy sy ny didin'ny olona izay mivily miala amin'ny fahamarinana. Titosy 1:1 , 14

Fa raha minia manota isika rehefa avy nahazo ny fahalalana ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, Hebreo 10:26

Tamin'ny sitrapony no niterahany antsika tamin'ny tenin'ny fahamarinana, mba ho santatry ny zavatra noforoniny isika. Jakoba 1:18

Fa raha misy fialonana sy fifandirana ao am-ponareo, aza mirehareha ary aza mandainga manohitra ny marina. Jakoba 3:14

Ry rahalahy, raha misy aminareo miala amin'ny fahamarinana, ary misy iray mampibebaka azy, Jakoba 5:19

Koa satria efa nodiovinareo ny fanahinareo tamin'ny fanarahana ny fahamarinana ho amin'ny fitiavan-drahalahy tsy mihatsaravelatsihy dia mifankatiava fatratra amin'ny fo madio, 1 Petera 1:22

Koa tsy hohadinoiko mandrakariva ny hampahatsiaro anareo izany zavatra izany, na dia efa fantatrareo aza, ary efa miorina tsara amin'ny fahamarinana izay efa eo aminareo ianareo. 2 Petera 1:12

Ary maro no hanaraka ny fanaony vetaveta; ka dia ireny no hitenenan-dratsy ny lalan'ny fahamarinana. 2 Petera 2:2

Raha hoy isika: Manana firaisana aminy isika, nefa mandeha amin'ny maizina, dia mandainga isika ka tsy manao ny marina. Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. 1 Jaona 1:6 , 8

Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny. Tsy noho ny tsy ahafantaranareo ny marina no nanoratako taminareo, fa noho ny ahafantaranareo izany, ary satria tsy misy lainga avy amin'ny marina. Ary ny fanosorana izay noraisinareo taminy no mitoetra ao aminareo, ka tsy mila hampianarin'olona ianareo; fa satria ny fanosorana izany no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina izany, fa tsy lainga izany, dia tomoera ao aminy ianareo, araka ny nampianarany anareo. 1 Jaona 2:4 , 21, 27

Anaka, aoka tsy ho tia amin'ny teny na amin'ny lela isika, fa amin'ny asa sy amin'ny marina. Ary amin'izany no ahafantarantsika fa avy amin'ny marina isika sy hampatokisantsika ny fontsika eo anatrehany. 1 Jaona 3: 18-19

Avy amin'Andriamanitra izahay; izay mahalala an'Andriamanitra no mihaino anay; izay tsy avy amin'Andriamanitra tsy mba mihaino anay. Izany no ahafantarantsika ny fanahin'ny fahamarinana sy ny fanahin'ny fampiviliana. 1 Jaona 4:6

Izy no ilay avy tamin'ny rano sy ny ra, dia Jesosy Kristy; tsy tamin'ny rano ihany, fa tamin'ny rano sy ny ra. Ary ny Fanahy no manambara, satria ny Fanahy no fahamarinana. 1 Jaona 5:6

Izaho loholona mamangy an'i Ramatoa voafidy sy ny zanany, izay tiako amin'ny fahamarinana; ary tsy izaho ihany, fa izay rehetra mahalala ny marina koa, Noho ny fahamarinana izay mitoetra ato anatintsika sady ho eo amintsika mandrakizay. Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny famindram-po ary ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo, Zanaky ny Ray, amin'ny fahamarinana sy ny fitiavana. Faly indrindra aho fa nahita ny zanakao sasany mandeha amin'ny fahamarinana araka ny nandraisantsika didy tamin'ny Ray. 2 Jaona 1: 1-4

Izaho loholona mamangy an'i Gaio, malala, izay tiako amin'ny fahamarinana. Fa faly indrindra aho, fony tonga ireo rahalahy ka nanambara ny fahamarinanao, dia toy ny andehananao araka ny fahamarinana. Tsy misy mahafaly ahy mihoatra noho ny mandre fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako. Koa isika dia tokony handray tsara izay toy izany, mba ho mpiara-miasa amintsika amin'ny fahamarinana. Demetrio dia tsara laza amin'ny olona rehetra sy amin'ny fahamarinana koa; eny, izahay koa manambara izany, ary fantatrareo fa marina ny fanambaranay. 3 Jaona 1: 13-4,8,12

Apokrifa

Ny fahatelo nanoratra hoe: Ny vehivavy no matanjaka indrindra: fa ambonin'ny zavatra rehetra, ny fahamarinana no mitondra ny fandresena. 1 Esdrasa 3:12

1 Esdrasa 4: 13-41
Dia nanomboka niteny ny fahatelo, izay efa niresaka momba ny vehivavy sy ny marina, (Zerobabela io). Ry olona ô, tsy ny mpanjaka lehibe, na ny hamaroan'ny olona, ary tsy ny divay no tsara indrindra; koa iza àry no manapaka azy ireo, na manana fahefana amin'izy ireo? Tsy vehivavy va izy ireo? Vehivavy no niteraka ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra izay mitondra ny fanjakan'ny ranomasina sy ny tany. Avy tamin'ireny no nihavian'ireny, sady nikolokolo izay namboly voaloboka, dia izay niavian'ny divay. Ireo koa dia manao fitafiana ho an'ny lehilahy; ireo dia mitondra voninahitra ho an'ny lehilahy; ary raha tsy misy vehivavy dia tsy afaka ny ho izy ny lehilahy. Eny, ary raha nanangona volamena sy volafotsy na zavatra tsara hafa ny olona, moa ve tsy tia vehivavy tsara tarehy sy tsara tarehy izy ireo? Ary na dia avelany aza izany rehetra izany, moa tsy mijery azy tsara izy ireo, ary tsy mibanjina azy amin'ny vavany aza; ary moa tsy ny volafotsy na ny volamena, na izay zavatra tsara rehetra va no irin'ny olona rehetra? Ny lehilahy dia handao ny rainy izay nitaiza azy sy ny taniny ka hiray amin'ny vadiny. Tsy mifikitra amin'ny vadiny izy, ary tsy mahatsiaro ray, na reny, na tanindrazany. Amin'izao koa no tsy maintsy fantatrareo fa ny vehivavy no manapaka anareo: moa tsy miasa sy misasatra va ianareo, ary manome sy mitondra izay rehetra ho an'ny vehivavy? Eny, misy lehilahy iray mandray ny sabany ka mandeha mandroba sy mangalatra, mandeha sambo eny an-dranomasina sy eny an-drano; ary raha mahita liona izy, dia mandeha ao amin'ny maizina; ary rehefa mangalatra sy mandroba ary mandroba, dia entiny ho an'ny fitiavany izany. Koa ny lehilahy dia tia ny vadiny mihoatra noho ny rainy na ny reniny. Eny, maro no efa lany saina noho ny amin'ny vehivavy ka lasa andevo noho ny amin'izy ireo. Maro koa no efa maty, nanao fahadisoana ary nanota noho ny amin'ny vehivavy. Ary ankehitriny, tsy mino ahy va ianareo? Tsy lehibe amin'ny heriny va ny mpanjaka? Tsy matahotra ny hikasika azy va ny faritra rehetra? Kanefa hitako izy sy Apame, vaditsindranon'ny mpanjaka, zanakavavin'i Bartacus mendri-kaja, nipetraka teo

ankavanan'ny mpanjaka, Dia nalainy ny satro-boninahitra teo an-dohan'ny mpanjaka ka napetrany teo an-dohany; ary nokapohiny tamin'ny tànany havia ny mpanjaka. Ary na dia teo aza izany rehetra izany dia nibanjina ny mpanjaka ka nijery azy tamin'ny vava nisokatra; raha nihomehy azy izy dia mba nihomehy koa izy; fa raha nisy tezitra taminy kosa dia niezaka ny handoka azy ny mpanjaka mba hihavanany aminy indray. Ry lehilahy, ahoana no mety hitrangan'izany raha tsy ny vehivavy no tokony ho matanjaka, nefa manao izany izy ireo? Dia nifampijery ny mpanjaka sy ny andriana; ary dia nanomboka nilaza ny marina izy. Ry lehilahy, tsy mahery va ny vehivavy? Lehibe ny tany, avo ny lanitra, haingam-pandeha ny masoandro amin'ny diany, fa manodidina ny lanitra Izy ka mamerina ny diany indray any amin'ny toerany amin'ny indray andro monja. Tsy lehibe va Izay manao ireto zavatra ireto? koa lehibe ny fahamarinana sady mahery noho ny zavatra rehetra. Miantsoantso ny fahamarinana ny tany rehetra, ary mitahy azy ny lanitra; mangovitra sy mangovitra noho izany ny asa rehetra, ary tsy misy ratsy miaraka aminy. Ratsy ny divay, ratsy ny mpanjaka, ratsy ny vehivavy, ratsy avokoa ny zanak'olombelona rehetra, ary toy izany avokoa ny asany ratsy rehetra; ary tsy misy marina ao aminy; ho levona amin'ny tsy fahamarinany koa izy ireo. Raha ny marina kosa, dia maharitra izy sady mahery mandrakariva; velona sy mandresy mandrakizay izy. Tsy misy fizahan-tavan'olona na valisoa aminy; fa manao izay marina izy ka mifady ny tsy rariny sy ny ratsy rehetra; ary ny olona rehetra dia manao soa araka ny asany. Ary tsy misy tsy fahamarinana ao amin'ny fitsarana azy; ary izy no hery, fanjakana, fahefana ary fahalehibiazana hatramin'ny taranaka fara mandimby. Isaorana anie Andriamanitry ny fahamarinana. Dia nangina izy. Dia niantsoantso ny vahoaka rehetra ka nanao hoe: Lehibe ny Fahamarinana ary mahery noho ny zavatra rehetra.

Kanefa rehefa tonga ny famantarana, indro, ho avy ny andro izay hisamborana ny maro amin'izay monina ambonin'ny tany, ary ho voafina ny lalan'ny fahamarinana, ary ny tany ho tsy misy finoana. 2 Esdrasa 5:1

Raha ny amin'ny finoana, dia hiroborobo izany, ho resy ny kolikoly, ary hambara ny fahamarinana izay efa ela tsy nahitam-bokatra. 2 Esdrasa 6:28

Fa ny fitsarana ihany no hijanona, ny fahamarinana no hijoro, ary ny finoana no hihamafy orina: Tapitra ny tsy fahalalana onony, tapaka ny tsy fahatokiana, mitombo ny fahamarinana, ary mitsimoka ny fahamarinana. 2 Esdrasa 7:34 , 44

Ny masony mahamaina ny lalina, ary ny fahatezerana mahalevona ny tendrombohitra; izay vavolombelon'ny fahamarinana, Aza mijery ny fahotan'ny olonao, fa ny amin'izay manompo Anao amin'ny fahamarinana kosa. Fa raha ny marina dia tsy misy olona teraka ho azy ireo izay nanao ratsy; ary tsy misy amin'ireo mahatoky izay tsy nanao ratsy. 2 Esdrasa 8:23 , 26, 35

Fa tsy nitsara araka ny marina ny tany Hianao. 2 Esdrasa 11:41

Izaho Tobita dia nandeha tamin'ny lalan'ny fahamarinana sy ny rariny nandritra ny androm-piainako rehetra, ary nanao fiantrana betsaka ho an'ny rahalahiko sy ny fireneko izay niaraka tamiko tany Ninive, tany amin'ny tanin'ny Asiriana. Tôbita 1:3

Tompo ô, marina Hianao, ary ny asanao rehetra sy ny lalanao rehetra dia famindram-po sy fahamarinana, ary mitsara araka ny marina sy ny hitsiny mandrakizay Hianao. Ary ankehitriny dia maro sady marina ny fitsaranao; koa manaova amiko araka ny fahotako sy ny an'ny razako, satria tsy nitandrina ny didinao izahay sady tsy nandeha tamin'ny fahamarinana teo anatrehanao. Tobita 3:2 , 5

Fa rariny raha manambady ny zanako vavy ianao; nefa izaho kosa hanambara aminao ny marina. Tobita 7:10

Dia hidera an'i Jehovah ny firenena rehetra, ary hidera an'Andriamanitra ny olony, ary hanandratra ny olony Jehovah; ary izay rehetra tia an'i Jehovah Andriamanitra amin'ny fahamarinana sy ny rariny dia hifaly, haneho famindram-po amin'ny rahalahintsika. Tobita 14:7

Dia hoy Akiora, lehiben'ny taranak'i Amona rehetra: Tompokolahy, aoka re ny tenin'ny mpanomponao, dia hambarako aminao ny marina momba ity vahoaka monina eo akaikinao sy monina any amin'ny tendrombohitra ity, ary tsy hisy lainga hivoaka avy amin'ny vavan'ny mpanomponao. Jodita 5:5

Ary ho avy eo anatrehan'i Holoferina, lehiben'ny miaramilanao, aho mba hanambara ny teny marina; ary hasehoko azy ny lalana izay hahazoany mandeha sy handresy ny tendrombohitra rehetra, tsy hisy ho very na dia ny olona iray akory aza amin'ny miaramilany. Jodita 10:13

Izay matoky Azy no hahafantatra ny marina; ary izay mahatoky amin'ny fitiavana no hitoetra ao aminy; fa fahasoavana sy famindram-po no ho an'ny olony masina, ary Izy no miahy ny olom-boafidiny. Fahendren'i Solomona 3:9

Koa dia nivily niala tamin'ny lalan'ny fahamarinana isika, ary ny fahazavan'ny fahamarinana tsy niposaka tamintsika, ary ny masoandron'ny fahamarinana tsy niposaka tamintsika. Fahendren'i Solomona 5:6

Ary ny amin'ny fahendrena, dia izay maha-izy azy sy ny nipoirany, dia holazaiko aminao, ary tsy hanafina ny zava-miafina aminao aho; fa hotadiaviny hatrany am-piandohan'ny nahaterahany izy, ary hampiharihary ny fahalalany azy, ary tsy handà ny marina aho. Fahendren'i Solomona 6:22

Aza manandra-tena, fandrao lavo ianao ka hahamenatra ny fanahinao; dia ho hitan'Andriamanitra ny miafinao ka haringany eo afovoan'ny fiangonana ianao, satria tsy tonga tamin'ny fahamarinana tamin'ny fahatahorana an'i Jehovah ianao, fa feno fitaka ny fonao. Ekleziastika 1:30

Aza miteny ratsy ny marina mihitsy; fa aoka ho menatra noho ny fahadisoan'ny tsy fahalalanao. Miezaha mafy ho amin'ny fahamarinana hatramin'ny fahafatesana, dia hiady ho anao Jehovah. Ekleziastika 4 :25,28

Aza manome tsiny raha tsy efa nandinika ny marina ianao; fantaro aloha, vao mananatra. Ekleziastika 11:7

Ny vorona hivory any amin'izay mitovy aminy; ary ny fahamarinana hiverina amin'izay manao azy. Ekleziastika 27:9

Inona no azo diovina amin'ny zavatra maloto? Ary inona no fahamarinana azo avy amin'ny zavatra lainga? Ekleziastika 34:4

Ary ambonin'izany rehetra izany dia mivavaha amin'ny Avo Indrindra, mba hitarihany ny lalanao amin'ny fahamarinana. Ekleziastika 37:15

Ary ny halatra noho ny amin'ny toerana ivahinianao, sy noho ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny fanekeny; ary ny miankina amin'ny kiho amin'ny hanina; ary ny fanamavoana ny manome sy mandray; Ekleziastika 41:19

Fa marina Hianao tamin'izay rehetra nataonao taminay; eny, marina ny asanao rehetra; mahitsy ny lalanao, ary marina ny fitsaranao rehetra. Tamin'izay rehetra nentinao namely anay, sy tamin'i Jerosalema, tanàna masin'ny razanay, dia fitsarana marina no nataonao; fa araka ny fahamarinana sy ny fitsarana no nitondranao izany rehetra izany taminay noho ny fahotantsika. Vavaky ny Azaria 1: 4-5

Dia nitsangana teo afovoan'izy ireo izy ka nanao hoe: Ry zanak'Israely ô, adala toy izany va ianareo, no dia nanameloka ny zanakavavin'Israely iray nefa tsy nandinika na nahalala ny marina akory? Sozana 1:48

Koa dia tahotra sy horohoro no nahazo ny olona rehetra izay nanao hoe: Tsy misy fahamarinana na fahamarinana ao aminy, fa efa nivadika ny fanekena sy ny fianianana izay nataony izy. 1 Makabeo 7:18

Mijery antsika ny Tompo Andriamanitra, ary marina tokoa ny fampiononana omeny antsika, tahaka ny nanambaran'i Mosesy tao amin'ny hirany, izay nijoro vavolombelona teo anatrehan'izy ireo, hoe: Ary hampiononina amin'ny mpanompony Izy. 2 Makabeo 7:6

i Enoka

Aringano tsy ho eto an-tany ny ratsy rehetra, ary aoka ho foana ny asa ratsy rehetra; ary aoka hiseho ny volin'ny fahamarinana sy ny fahamarinana; ary ho fitahiana izany; ny asan'ny fahamarinana sy ny fahamarinana dia hambolena amin'ny fahamarinana sy ny fifaliana mandrakizay. Enoka 10:16

Ary amin'izany andro izany dia hovohako ny efi-trano fitehirizan-tsoa any an-danitra, mba hampidinako azy ireo etỳ an-tany eo ambonin'ny asa sy ny fisasaran'ny zanak'olombelona. Ary ny fahamarinana sy ny fiadanana dia hiaraka mandritra ny andro rehetra amin'izao tontolo izao sy amin'ny taranaka rehetra amin'ny olombelona. Enoka 11:1-2

Dia hoy i Uriel, iray tamin'ireo anjely masina izay niaraka tamiko sady lehiben'izy ireo: Ry Enoka, nahoana ianao no manontany, ary nahoana ianao no mazoto mitady ny marina? Enoka 21:5

Ary hoy Izy tamiko: Ry Enoka, nahoana ianao no manontany Ahy momba ny hanitry ny hazo, ary nahoana ianao no te-hianatra ny marina? Enoka 25:1

Ary ankehitriny fantatro ity zava-miafina ity, fa ny mpanota dia hanova sy hamadika ny tenin'ny fahamarinana amin'ny fomba maro, ary hiteny teny ratsy sy handainga ary hanao fitaka lehibe, ary hanoratra boky momba ny teniny. Fa rehefa manoratra ny teniko rehetra amin'ny fiteniny izy ireo, ary tsy manova na mampihena na inona na inona amin'ny teniko fa manoratra azy rehetra amin'ny fahamarinana izay rehetra nambarako voalohany momba azy ireo. Dia fantatro koa ny zava-miafina iray hafa, fa homena ny marina sy ny hendry ny boky mba ho antony mahafaly sy mahitsy ary fahendrena be. Ary homena azy ireo ny boky, ary hino azy ireo sy hifaly amin'izany izy ireo, ary amin'izay dia hovalian-tsoa ny marina rehetra izay nianatra tamin'izany ny lalan'ny fahamarinana rehetra. Enoka 104:10-13

Ary ankehitriny, ry raiko ô, eto aho hangataka sy hiangavy anao mba handehananao any amin'i Enoka raintsika, ary hianatra aminy ny fahamarinana, fa ny fonenany dia eo amin'ny anjely. Enoka 106:7

Dia natahotra i Lameka rainy ka nandositra nanatona Ahy, ary tsy nino fa avy aminy no niaviany, fa tahaka ny endrik'ireo anjelin'ny lanitra izy; ary indro, tonga aty aminao aho mba hampahafantatra ahy ny marina. Enoka 106:12

